

Salamo / Psaume 22

Isaia / Esaïe 50 : 4 - 7

Filipiana / Philippiens 2 : 6 - 11

Matio / Matthieu 21 : 1 - 11

« Hosana ho an’ny Zanak’i Davida!

Isaorana anie izay avy amin’ny anaran’NY TOMPO !

Hosana any amin’ny avo indrindra »

« Gloire au Fils de David !

Que Dieu bénisse celui qui vient en son nom !

Gloire à Dieu au plus haut des cieux ! »

Matio / Matthieu 21.9

SALAMO 22 (MRV)

- 1 Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia nahafoy ahy lanao ? Lavitry ny famonjena ahy ny tenin’ny fitarainako.
- 2 Andriamanitro ô, miantso aho nony andro nefa tsy mamaly lanao; miantso aho nony alina nefa tsy mahita fiononana.
- 3 Kanefa masina lanao, ry mipetraka eo amin’ny fideràn’ny Israely.
- 4 Lanao no nitokian’ny razanay; natoky izy ka nanafaka azy lanao.
- 5 Lanao no nitarainany ka afa-nandositra izy; lanao no nitokiany ka tsy nitsanga-menatra izy.
- 6 Fa izaho dia olitra fa tsy olona, fandatsan’olona sy fanevatevam-bahoaka.
- 7 Izay rehetra mahita ahy dia manaraby ahy, manondro molotra izy sady mihifikifi-doha ka miteny hoe:
- 8 Efa niankina tamin’NY TOMPO izy, dia aoka Izy hamonjy azy; eny, aoka Izy hanafaka azy, satria mankasitraka azy Izy !
- 9 Fa lanao no nampivoaka ahy avy tao an-kibo; nampandry ahy fehizay lanao, fony aho mbola nampinoin’ny reniko;
- 10 nankinina Taminao hatrany am-bohoka aho; hatrany an-kibon-dreniko dia Andriamanitro lanao.
- 11 Aza manalavitra ahy lanao fa akaiky ny fahoriana sady tsy misy olona hamonjy ahy.
- 12 Mitangorona amiko ireo ombilahy maro, manemitra ahy ny maherin’i Basana.
- 13 Misanasana vava amiko izy; eny, toy ny liona mamiravira sy mieronana izy.
- 14 Efa toy ny rano aidina aho ka mivaha ny taolako rehetra; tahaka ny savoka ny foko, miempo ato anatiko izy.
- 15 Maina tahaka ny tanimanga vakivaky ny heriko ary miraikitra amin’ny lanilaniko ny lelako; ao amin’ny vovoky ny fahafatesana no ametrahanao ahy.
- 16 Fa mitangorona amiko ny amboa, manemitra ahy ny andian’olon-dratsy, manindrona ny tongotro aman-tanako izy.
- 17 Maha isa ny taolako rehetra aho. Mibanjina sady mangarika ahy ireo.
- 18 Mizara ny fitafiako ho azy izy ary anaovany antsapaka ny akanjoko.
- 19 Fa lanao TOMPO ô, aza manalavitra; ry heriko ô, faingàna hamonjy ahy !
- 20 Afaho amin’ny sabatra aho, vonjeo amin’ny herin’ny amboa ny aiko!
- 21 Afaho amin’ny vavan’ny liona sy amin’ny tandroky ny ombimanga aho ! Dia namaly ahy lanao !
- 22 Hitory ny anaranao amin’ny rahalahiko aho, eo afovoan’ny fiangonana no hiderako Anao.
- 23 Ianareo izay matahotra NY TOMPO, miderà Azy ! Ry taranak’i Jakoba rehetra, omeo voninahitra Azy ! Matahora Azy, ry Zanak’Israely rehetra !
- 24 Fa tsy manao tsinontsinona na marikorikon’ny fahorian’ny ory Izy ary tsy mba manafina ny tavany aminy; fa raha mitaraina Aminy ireny dia mihaino Izy.
- 25 Avy Aminao no ahazoako manao fiderana eo amin’ny fiangonan-dehibe; ny voadiko dia hefaiko eo anatrehan’izay matahotra NY TOMPO.
- 26 Hihinana ny mpandefitra ka ho voky; hidera NY TOMPO ireo izay mitady Azy. Ho velona mandrakizay anie ny fonareo !
- 27 Hahatsiaro NY TOMPO ny any amin’ny faran’ny tany rehetra ka hiverina Aminy; hiankohoka eo anatrehan’ny fokon’ny firenen-tsamihafa.
- 28 Fa an’NY TOMPO ny fanjakana; manapaka ny firenen-tsamihafa Izy.
- 29 Hihinana sy hiankohoka koa ny mpanefofo rehetra ambonin’ny tany; eo anatrehan’ny hiondrehan’izay rehetra midina any amin’ny vovoka, dia ireo izay tsy mahavelona ny ainy.

30 Hisy taranaka hanompo Azy ary ny Tompo dia holazaina amin'ny taranaka ho avy.

31 Hisy ho avy ka hanambara ny fahamarinany amin'ny olona izay mbola hateraka fa lzy no nanao izany.

PSAUME 22 (PDV)

1 Psalme de David, pris dans le livre du chef de chorale. À chanter sur l'air de « La biche au lever du jour ».

2 Mon Dieu, mon Dieu, pourquoi m'as-tu abandonné ? Je crie, mais ton secours ne vient pas.

3 Mon Dieu, pendant le jour, je fais appel à toi, mais tu ne réponds pas. Pendant la nuit, je t'appelle encore et je ne trouve pas le repos.

4 Pourtant, toi, le Dieu saint, tu es assis sur ton siège royal, et tu reçois sans cesse les louanges d'Israël !

5 Nos ancêtres ont mis leur confiance en toi, en toi, ils ont mis leur confiance, et tu les as délivrés.

6 Vers toi, ils ont crié, et tu les as libérés. En toi, ils ont mis leur confiance, et ils ne l'ont pas regretté.

7 Mais moi, je suis comme un ver de terre, je ne suis plus un homme. Les gens m'insultent et me méprisent.

8 Tous ceux qui me voient se moquent de moi. Ils font des grimaces, ils secouent la tête en disant :

9 « Il a fait confiance au Seigneur. Eh bien, si le Seigneur l'aime, il n'a qu'à le délivrer et le sauver ! »

10 Oui, tu m'as fait sortir du ventre de ma mère, tu m'as mis en sécurité sur sa poitrine.

11 On m'a confié à toi dès ma naissance, depuis le ventre de ma mère, tu es mon Dieu.

12 Ne reste pas loin de moi, le malheur est proche, je n'ai personne pour m'aider.

13 Beaucoup d'ennemis m'entourent, ils sont autour de moi comme des taureaux, comme les puissants taureaux du Bachan.

14 Ils sont comme des lions, ils ouvrent leur gueule contre moi pour rugir et déchirer.

15 Ma force s'en va comme l'eau qui coule, tous mes os se détachent. Mon cœur est comme la cire, il fond dans ma poitrine.

16 Ma gorge est sèche comme un morceau de terre cuite, et ma langue reste collée dans ma bouche. Tu me mets déjà au bord de la tombe.

17 Un groupe de bandits m'entourent, ils sont autour de moi comme des chiens. Ils m'ont percé les mains et les pieds.

18 Je suis très maigre : on peut compter tous mes os. Mes ennemis me fixent attentivement.

19 Entre eux, ils partagent mes habits. Ils tirent au sort pour savoir qui aura mes vêtements.

20 Mais toi, Seigneur, ne reste pas loin de moi ! Toi qui es ma force, vite, au secours !

21 Protège-moi d'une mort violente, arrache-moi aux griffes des chiens !

22 Sauve-moi de la gueule des lions et de la corne des buffles ! Tu m'as répondu !

23 J'annoncerai ton nom à mes frères et à mes sœurs. Au milieu de l'assemblée, je chanterai ta louange.

24 – Vous qui respectez le Seigneur, chantez sa louange ! Tous les fils de Jacob, rendez-lui gloire, tous les fils d'Israël, tremblez devant lui !

25 Le Seigneur n'a pas méprisé le malheureux dans son malheur, il ne l'a pas rejeté, il n'a pas détourné son visage de lui. Le malheureux a crié vers le Seigneur, et le Seigneur l'a écouté.

26 Grâce à toi, Seigneur, je peux chanter ta louange dans la grande assemblée. Devant ceux qui te respectent, je ferai ce que j'ai promis.

27 Les pauvres mangeront, ils n'auront plus faim. Ceux qui cherchent le Seigneur chanteront sa louange. Qu'ils vivent pour toujours !

28 Toute la terre se souviendra du Seigneur et reviendra vers lui, toutes les familles des peuples l'adoreront.

29 Oui, le Seigneur est roi, il gouverne les peuples.

30 Ceux qui sont pleins de vie mangent et l'adorent. Tous ceux qui vont mourir, ceux qui ne peuvent rester en vie, se mettront à genoux devant lui.

31 Leurs enfants le serviront. On parlera du Seigneur à la génération d'aujourd'hui.

32 À ceux qui vont naître, on racontera ce qu'il a fait pour sauver son peuple.

ISAIA 50 : 4 - 7 (MRV)

4 NY TOMPO Andriamanitra no nanome Ahy ny lelan'ny efa mahay, mba hahazako milaza teny hampatanjaka izay reraka; fohaziny isa-maraina isa-maraina Aho; eny, fohaziny ny sofiko mba hihaino tahaka ny efa mahay.

5 Nanokatra ny sofiko NY TOMPO Andriamanitra ary tsy nanohitra na nihemotra Aho.

6 Natolotro ho amin'ny mpikapoka ny lamosiko ary ny takolako ho amin'izay manongotra ny volombavako. Tsy nafeniko tamin'ny henatra sy ny rora ny tavako.

7 Nefa NY TOMPO Andriamanitra no namonjy Ahy ka tsy resin-kenatra Aho; efa nohamafisiko ho tahaka ny vatoafo ny tavako ka fantatro fa tsy hitsanga-menatra Aho.

ESAÏE 50 : 4 - 7 (PDV)

4 Le Seigneur Dieu m'enseigne ce que je dois dire pour encourager celui qui n'a plus de force. Chaque matin, il me réveille pour que j'écoute comme un bon disciple.

5 Le Seigneur Dieu m'ouvre l'oreille, et je ne résiste pas, je ne recule pas.

6 Je présente mon dos à ceux qui me frappent, je tends les joues à ceux qui m'arrachent la barbe. Je ne protège pas mon visage contre ceux qui m'insultent et qui crachent sur moi.

7 Le Seigneur Dieu vient à mon secours, c'est pourquoi leurs insultes ne me touchent pas. Je rends mon visage dur comme pierre. Je sais que je ne serai pas vaincu.

FILIPIANA 2 : 6 - 11 (MRV)

6 Na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza Izy dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra,

7 fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manampitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy

8 dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana.

9 Noho izany no nanandratan'Andriamanitra Azy ho ambony indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra,

10 mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra na ny etỳ antany na ny any ambanin'ny tany,

11 sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.

PHILIPPIENS 2 : 6 - 11 (PDV)

6 Lui, il est l'égal de Dieu, parce qu'il est Dieu depuis toujours. Pourtant, cette égalité, il n'a pas cherché à la garder à tout prix pour lui.

7 Mais tout ce qu'il avait, il l'a laissé. Il s'est fait serviteur, il est devenu comme les hommes, et tous voyaient que c'était bien un homme.

8 Il s'est fait plus petit encore : il a obéi jusqu'à la mort, et il est mort sur une croix !

9 C'est pourquoi Dieu l'a placé très haut et il lui a donné le nom qui est au-dessus de tous les autres noms.

10 Alors tous ceux qui sont dans le ciel, sur la terre et chez les morts tomberont à genoux quand ils entendront le nom de Jésus.

11 Et tous reconnaîtront ceci : Jésus-Christ est le Seigneur, pour la gloire de Dieu le Père.

MATIO 21 : 1 - 11 (MRV)

Ny niakaran'i Jesosy tany Jerosalema

1 Rehefa nanakaiky an'i Jerosalema izy ireo ka tonga tao Betifaga any amin'ny tendrombohitra Oliva dia naniraka mpianatra roa lahy Jesosy ka niteny taminy hoe:

2 Mankanesa amin'iroa vohitra tandrifinareo iroa, fa avy hatrany dia hahita boriky mifatotra sy ny zanany miaraka aminy ianareo; vahao izy dia ento etỳ Amiko.

3 Ary raha misy miteny anareo dia lazao hoe: Misy ilàn'ny Tompo azy; ary havelany hoentinareo avy hatrany izy.

4 Izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe:

5 «Lazao amin'i Ziona zanakavavy; indro ny Mpanjakanao avy ho anao, malemy fanahy sady mitaingina boriky, dia zanaky ny boriky miasa.»

6 Ary nandeha ny mpianatra ka nanatanteraka izay toromarika nomen'i Jesosy azy,

7 koa noentiny ny boriky sy ny zanany ary nataony teo amboniny ny lambany, dia nitaingina azy Jesosy.

8 Ary ny ankabeazan'ny vahoaka dia namelatra ny lambany teny an-dalana; ny sasany dia nanapaka rantsankazo ary nampihahaka izany teny an-dalana.

9 Ary ny vahoaka izay nialoha Azy sy izay nanaraka dia niantsoantso hoe : « Hosana ho an'ny Zanak'i Davida! Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'NY TOMPO ! Hosana any amin'ny avo indrindra » (Sal 118.26).

10 Nony efa tafiditra tao Jerosalema Izy dia nihotakotaka ny tanàna manontolo ka niteny hoe: Iza moa izao ?

11 Ary nilaza ny vahoaka hoe: Iza no Jesosy mpaminany izay avy any Nazareta any Galilia.

MATTHIEU 21 : 1 - 11 (PDV)

Jésus entre à Jérusalem

1 Jésus et ses disciples approchent de Jérusalem. Ils sont près de Bethfagé, vers le mont des Oliviers. Alors Jésus envoie deux disciples,

2 en leur disant : « Allez au village qui est devant vous. Là, vous verrez tout de suite une ânesse attachée avec une corde, et son petit âne avec elle. Détachez-la et amenez-les-moi.

3 On va peut-être vous dire quelque chose, vous répondrez : “Le Seigneur en a besoin.” Et on les laissera partir tout de suite. »

4 Ainsi se réalise ce que le prophète a dit de la part du Seigneur :

5 « Dites à la ville de Sion : Regarde ! Ton roi vient vers toi ! Il est plein de douceur. Il est monté sur une ânesse et sur un ânon, le petit d’une bête qui porte des charges. »

6 Les disciples partent et ils font tout ce que Jésus leur a commandé.

7 Ils amènent l’ânesse et l’ânon. Ils posent des vêtements sur eux, et Jésus s’assoit dessus.

8 Beaucoup de gens étendent des vêtements sur le chemin. D’autres coupent des branches d’arbres et ils les mettent sur le chemin.

9 Les foules qui marchent devant Jésus et celles qui le suivent crient : « Gloire au Fils de David ! Que Dieu bénisse celui qui vient en son nom ! Gloire à Dieu au plus haut des cieux ! »

10 Quand Jésus entre à Jérusalem, toute la ville est bouleversée. Les habitants demandent : « Qui est cet homme ? »

11 Les foules répondent : « C’est le prophète Jésus, de la ville de Nazareth en Galilée. »